# Ilay Voa Tsara Nafafy 24 Jolay 2018

**24** **Talata**
jolay

**Amin'ny maraina dia afafazo ny voanao, ary amin'ny hariva dia aza atsahatra ny tànanao ; fa tsy fantatrao izay ho vanona, na ny teo aloha, na ny teo aoriana.**
Mpitoriteny 11. 6

**... tsy tamin'ny voa mety ho lo, fa tamin'ny tsy mety ho lo, dia ny tenin'Andriamanitra, izay velona sady maharitra.** 1 Petera 1. 23

### Vokatra inona ?

Tamin'ny volana novambra 1989, tamin'ny nandravana ny rindrin'i Berlin, renivohitr'i Alemaina Atsinanana, dia maro ny miaramila sovietika mbola tany. Talohan'ny nodian'izy ireo ho any Rosia, dia nisy kristiana nizara Testamenta Vaovao tamin'ny teny rosiana ho azy ireo. Tsy mora ny nitsofoka tany amin'ny toby miaramila, ary indraindray ireny mpizara ny Tenin'Andriamanitra ireny dia norahonan'ny miaramila ambony tamin'ny basy.

Dimy ambin'ny folo taona tatỳ aoriana, dia nisy kristiana alemana iray avy any Meerane, tany Alemaina Atsinanana taloha, nandeha nankany Siberia mba hampahery ny mpino tany amin'izany faritra izany. Ny iray tamin'ireo mpino ireo dia nitantara ny fomba nahitany an'i Jesosy Kristy ho Mpamonjiny.

„Tamin'ny taona 1990, dia miaramila tany Alemaina aho, ary tao Meerane dia nisy nanome Testamenta Vaovao ho ahy. Rehefa namaky izany aho, dia niaiky ny fahadisoako teo anatrehan'Andriamanitra, ary nanjary Mpamonjiko Jesosy. Sambatra aho ankehitriny, manambara ny Filazantsara amin'ireo rehetra mifanena amiko."

Namoa tany amin'ny 1000 km mahery ny Teny nafafy tampaharetana. Andriamanitra no „mampitsimoka" azy, mamboly ny ain'Andriamanitra ao anatin'ny fo, ary manitatra tsikelikely ny faritra ampitomboany ny asany. Matetika dia tsy fantatsika raha nitera-bokatra na tsia ny Tenin'Andriamanitra nozaraina. Nefa aza avela hiala sasatra ny tanantsika. Aoka isika hangataka amin'i Jesosy, Ilay Mpampianatra antsika, mba hanampy antsika ho mailo isanandro isanandro, ka hahay hanararaotra ny fotoana rehetra ; teny iray ao amin'ny resaka atao mba hijoroana ho vavolombelon'ny fanantenantsika, taratasy kely any ampaosy efa vonona hatolotra... Aoka isika hamafy, sady ho resy lahatra fa ny Tompo dia manana ny hery hampamoa izany voa afafy izany.